INO MALAZA

ATD QUART MONDE MADAGASCAR

N°005 –25 Jolay 2014 - e-mail : mada@atd-quartmonde.org

## MATOAN-DAHATSORATRA



Indray andro izay aho nandalo teo, tsy nisy tadidiko intsony na ny toerana nisy ireo trano tsizarizary, na ny "cité", nefa dia ranomaso be no namonto io tany io. Fahoriana tsy roa amantany no niaretan'ny fianakaviana anjatony maro teo amin'ireo toerana ireo : kiakiaka nandoa-danitra ; nefa dia tsy misy na vatolahy iray aza natsangana. Tsy misy na dia mari-pahatsiarovana iray aza najoro, na dia takela-by iray aza mba napetaka. Ny nofon'ireo olona teo irery no nitondra holatra tamin'izany. Nefa ange dia taranak' olombelona no nitondra fijaliana tsy misy ohatra izany : hitantsika teo, ireo ankizy nangataka, safotry ny henatra, ireo olon-dehibe natao tsinontsinona sy nalaina baraka … Iza no hahalala ireny ? Zovy no hijoro ho vavolombelon'izany ?

***Joseph Wrésinski 1972***
***taratasy nosoratana tany Jerosalema***

### Loha miara-mandinika:

**Fankalazana ny faha-25 taonan'ny Fikambanana sy ny fametrahana takela-bato** no votoantin-dresaka tamin'ny fivorian'ny loha miara-mandinika ny 14-15 Mey 2014 teny amin'ny tranon'ny Fikambanana teny Ambohibao. Fifampizaràna ny toe-java-misy ara-piaraha-monina sy ara-pôlitika eto amin'ny firenena, izay misy ifandraisany amin'ny fahantrana lalina any amin'ny toerana niavian'ny mpivory no nanokafana ny resaka. Avy eo dia nandalina ny hevitry ny atao hoe **tsangambato sy ny hevitra raiketiny** ary ny **fomba hoentina hankalazana ny 17 Oktôbra 2014**. Sosokevitra ihany no natao tamin'io, satria marihina fa tsy toerana fandraisana fanapahan-kevitra tsy akory ny ao amin'ny loha miara-mandinika.



*Sary tahiry*

## VAOVAOM-PARITRA

### Misy ny ezaka ataon'ny Fitondram-panjakana mikasika ny fampidirana an-tsekoly ny ankizy rehetra. Nihetsika i Mahajanga manoloana izany !

Najanon-dry zareo kely aloha ny famakiamboky an-kalamanjana fa nanentana ny Fokontany handray an-tsoratra ireo fianakaviana sahirana manan-janaka tsy manana sora-piankohonana ry zareo. Anisan'ny sakana amin'ny fampidirana an-tsekoly ny ankizy manko ny tsy fananany sora-piankohonana. Ry zareo koa moa amin'izao fotoana izao mbola vitsy rahateo ka tsy afaka hanao fampamakiam-boky an-kalamanjana satria maro andraikitra daholo. Izany no antony anaovany an'io. Fokontany telo no efa nohatoniny dia

Ambondrona, Fiofio, Ambalavola. Teo amin'ny 15 teo ny an'Ambondrona no isan'ny ankizy nanaovany taratasy fangatahana nalefa tany amin'ny tribonaly ka **ny 11 tamin'ireo no efa nahazo ny azy**. Ny an'Ambalavola sy Fiofio kosa mbola eo an-dalam-pikarakarana.

## Tsy nikely soroka koa i Marthe Virginie ao Toliara fa nisikim-ponitra sy nitafy herim-po nanoloana ny faharavan'ny tranony.

I Marthe Virginie dia fianakaviana mpikatroka ao Toliara. Anisan'ireo olona simba trano fonenana tamin'ny fandalovan'ny rivo-doza haruna izy. **Deraina ny herim-po ananany, satria tsy niandry ny fananany vola hanakara-mana mpanamboatra trano na tolotra avy amin'ny malala-tanana izy, fa ireo havany miaraka amin'ny zanany no nentaniny hana-mpy azy tamin'izany**. Mbola tsy vita tanteraka moa io tranony io, saingy faly ery izy satria tsy mahamenatra azy intsony, hono, ny hampi-antrano vahiny ao.



***"Ny tao trano, tokoa tsy efan'ny irery".***

## One minute

Raha lasan'ny Bary ny laharana fahatelo




maneran-tany teo aloha, dia ny horonan-tsarin'i Ezra maneho ny nofinofiny rehefa feno telopolo kosa no nanaitra manokana ny UNICEF ka nasaina izy mba hilaza fohifohy io nofinofiny io tamin'ny fanokafana amin' ny fomba ofisialy ny fahatelopolo taona naha-tongavan'ny UNICEF teto Madagascar ny 11 Jiona 2014 teo.
Nanafatra manokana ny ankizy sahirana ara-pivelomana Ezra tamin'izany ka hoy izy: ***"Aoka tsy ho laniantsika amin'ny firenire-nena na ny fatoriana an-tsena na ireo asa an-tselika ny fiainantsika, fa 'ndao homani-ntsika dieny izao ny hoavy, ka hiezaka isika hitaky ny fampanajana ny zon'ny ankizy: hianatra, hanan- trano, hisakafo ara- dalàna ary koa ireo zo maro samihafa izay tokony hanampy antsika hiatrika ny hoavy".***

## Inona no atao hoe mpanentana ?



Io lohahevitra io no nifampizarana sy nohalalinina tamin'ny fiofanana nataon'ny mpanentana ny ankizy ao amin'ny TAPORI sy ny Famakiam-boky an-kalamanjana tamin'ny Alakamisy 01 Mey 2014 lasa teo. ***"Ny mpa-nentana, hoy izy ireo, teo am-pamintinana ny fiofanana nataony, dia olona tia karoka-roka, ka manan-java-baovao hifampizarana amin'ny ankizy foana".***

## Fiofanana iombonana: Ny "Volontaires" sy ny firotsahany

Io lohahevitra io, izay nodinihina nandritra ny Fihaonam-ben'ny mpirotsaka an-tsitrapo "Assises 2014-2015", no nofakafakain'ny mpiofana ny 21 Jiona 2014

Safidy atao eo amin'ny fiainana ny firotsahana, hoy ny mpiofana ary mitaky:

- fananana fahafahana sy fahalalahana amin'ny lafiny rehetra,
- fijerena akaiky ny olona tena sahirana sy fiaraha-mamaha olana aminy araka izay azo atao,
- fampivelarana ny Fikambanana mba hampaharitra azy,
- fitarihana ny mpikambana sy fanentanana azy.

Ny mpirotsaka an-tsitrapo kosa dia tokony:

- hanaraka tsara ny soatoavina sy ny fotopisainan'ny mpanorina ny Fikambanana (Joseph WRESINSKI) sy hiantoka ny faharetany ary hanana traikefa amin'izany,
- hiara-dia sy hanampy ny olona amin'ny firotsahany sy hanome hery azy,
- hikaroka ny olona tena sahirana kokoa hatrany**,**
- hampivondrona sy hampiray ny rehetra.



## *Fatana Mitsitsy Kitay sy saribao (FMK):* Anisan'ny vokarin-dry zareo mpanefy vy ao amin'ny MMM

Tsy vitan'ny hoe matanjaka sy ahafahana mahandro sakafo maro isan-karazany ny F.M.K. fa tena mitsitsy tokoa ka afaka ***mampihena ny saribao na ny kitay ampiasaina ianao ary mandray anjara amin'ny fiarovana ny ala rehefa mampiasa azy.*** Ny BISS[1] no namorona azy io. Daba misy fantsona fanitso miforitra miakatra, izay atsofoka ao anatiny, no anamboarana azy. Ny lavenona miangona ao kosa no mitana ny hafanana. Voadoro tanteraka ny kitay ao amin'ity fatana ity ka 70% mihoatra noho ny an'ny fatapera mahazatra ny hafanana vokariny. Misy karazany roa izy io, nefa tena mitovy tanteraka ny zava-bitany, saingy ny faharetany no mahasamy hafa azy, satria ny iray **manifinify**, mihoatra ny 2 taona ny faharetany ary **30.000 Ar ny vidiny.** Ny iray **kosa matevina,** mihoatra ny 3 taona ny faharetany ka **60.000 Ar ny vidiny.**



## Fanaovam-beloma ny fianakaviana MALAKIA izay hihazo an'i Frantsa tsy ho ela

**Ato amin'ny Fikambanana dia misy ny fifandimbiasana amin'ny andraikitra raisina mba hahafahan'ny tsirairay hitondra ny anjara birikiny sy hananany traikefa amin'ny ady atao amin'ny fahantrana** na eo amin'ny fianakaviana na eo amin'ny namana mpiaradia na eo amin'ny mpirotsaka an-tsitrapo. Izany no antony andehanan-dry Jean MALAKIA mianakavy mba hahafahany hitondra ny traikefany any amin'izay halehany sy hianarany ny an'ny hafa. Ny Asabotsy 05 Jolay 2014 no natao teny Ambohibao ny fanaovam-beloma sy tso-drano ary firarian-tsoa ho azy ireo amin'ny iraka vaovao ampanaovina azy



**Andron'ny fianakaviana 2014: Parc Sisaony Ambatofotsy**
**(Teatra forum, fialam-boly isan-karazany: dihy, lalao, fakana sary, sns)²**







